Na iza na iza mpino silamo mangataka zavatra ka tsy nisy fahotana na fanapahana rohim-pihavanana ny fangatahany, afa-tsy hoe omen'I Allah azy ny iray amin'ireto zavatra telo ireto : Na ho valiany avy hatrany ilay hataka izany, na ho tehiriziny ho azy any ankoatra, na foanana amin'ny alàlan'izany ny ratsy saika hahazo azy mitovy ny halehibiazan'ny hataka nataony", hoy izy ireo : Raha izany dia ho ataonay betsaka ny hatakay? Dia namaly Izy hoe : "Allah no manana betsaka indrindra

Tatitra azo avy tamin'i Abo Said (RA), niteny i Mpaminany (SAW) manao hoe : "Na iza na iza mpino silamo mangataka zavatra ka tsy nisy fahotana na fanapahana rohim-pihavanana ny fangatahany, afa-tsy hoe omen'I Allah azy ny iray amin'ireto zavatra telo ireto : Na ho valiany avy hatrany ilay hataka izany, na ho tehiriziny ho azy any ankoatra, na foanana amin'ny alàlan'izany ny ratsy saika hahazo azy mitovy ny halehibiazan'ny hataka nataony", hoy izy ireo : Raha izany dia ho ataonay betsaka ny hatakay? Dia namaly Izy hoe : "Allah no manana betsaka indrindra".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Ahmad]

Nanambara ny Mpaminany (S.A.W) manao : Raha misy mpino silamo miantso an'I Allah ka mangataka Aminy amin'ny raharaha tsy misy fahotana, toy ny fiantsoana azy hanamora ny tsy fankatoavana sy ny tsy rariny, na tsy fiantsoana ny fanapahana ny fihavanana; toy ny nivavaka ho an’ny zanany sy ny havany, afa-tsy hoe nanomezan’I Allah azy ny iray amin’ireo zavatra telo tamin’ny fitalahoany : Na hanafainganiny ny valin'ny antsony dia omeny izay nangatahiny. Na hahemotr'I Allah izany ho valisoa azony amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty amin’ny alàlan'ny fisondrotan’ny voninahiny, na famindram-po sy famelan-keloka. Na hanalavitra azy ny faharatsiana betsaka eo amin’ny tontolo misy azy toy ny habetsahan’ny fitalahoana. Hoy ny mpanaradia tamin'ny Mpaminany hoe : Raha izany dia tokony hivavaka betsaka izahay mba hahazoana ny iray amin'ireo hasoavana ireo? Dia hoy i Mpaminany (S.A.W) : Izay ananan’I Allah dia mihoatra lavitra noho izay angatahinareo, satria ny fanomezany dia tsy mety ritra ary tsy misy farany.